NY FITRANDRAHANA LOHAHEVITRA

NY FAMAKAFAKAN-KEVITRA

A. Inona no atao hoe famakafakana ?

Ny hoe **"mamakafaka hevitra"** dia manadihady sy mandalina ary mamahavaha amin'ny antsipiriany ny lohahevitra nalaza hevitra na fehezanteny notsongaina tao amin'ny asa soratry ny mpanoratra (citation) naohabolanairay. Famahavahana izay mitaky fikarohana lalina sy fahaizana mandrafitra maty paika mifanentana amin'ny laza adina.

B. Inona no atao hoe laza adina amin'ny famakafakana ?

Ny endrika ny laza adina amin'ny famakafakana : LOHAHEVITRA + FANONTANIANA :

Ny Fanontaniana no mamaritra ny asa takiana :

→ FAKAFAKAO = HADIHADIO = VOABOASY = HALALINO

Oh :

Laza adina :

→ Indraindray tokoa ny fahantrana dia manaboridana ny fanahy. FAKAFAKAO.

→ Ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra. FAKAFAKAO.

D- Ahoana ny drafitra araka ireo endrim-panontaniana ireo :

I – Raha FAKAFAKAO-HADIHADIO-VOABOASY-HALALINO ny fanontaniana, dia FAMAKAFAKANA fotsiny no asa ataoka :

→ **Lafin-kevitra IRAY no hita :**

DRAFITRA :

- **Fizarana I :**
- **Fizarana II :**
- **Fizarana III :**

→ **Lafin-kevitra ROA no hita :**

DRAFITRA :

- **Fizarana I :** Fanazavana, famahavahana ny lafin-kevitra 1.
- **Fizarana II :** Fanazavana, famahavahana ny lafin-kevitra 2.
- **Fizarana III :** Fampifandraisana ireo lafin-kevitra roa sy fandalinana.

→ **Lafin-kevitra TELO no hita :**

DRAFITRA :

- **Fizarana I :** Fanazavana, famahavahana, fandalinana ny lafin-kevitra 1.
- **Fizarana II :** Fanazavana, famahavahana, fandalinana ny lafin-kevitra 2.
- **Fizarana III :** Fanazavana, famahavahana, fandalinana ny lafin-kevitra 3.

Fanamarihana :

- Tsy maintsy ahitana fizarana roa ny famakafakan-kevitra.
- Ny fizarana tsirairay dia ahitana RH(Renihevitra), znk(zana-kevitra).
- Ny znk tsirairay dia hazavaina ka tohanana amin'ny tenin'ny mpanoratra na mpandinika na amin'ny ohabolana.

FIKAROHAN-KEVITRA :

→ **Ny fanangonana :**

Angoninany hevitra rehetra tonga ao an-tsaina. Raisina ireo hevitra hita tany amin'ny lesona, vaky boky, gazety, fahitalavitra, hevitra, valan-dresaka, adihevitra, fampielezam-peo.

→ **Fanivanana :**

Dinihina ireo hevitra noraisina teo aloha ireo ka jerena ny fifandraisany amin'ny laza adina Alahatra araka ny lanjany arakany fanontaniana.

→ **Fanasokajiana :**

Ireo hevitra azo no atambatra ho fizarana iray ary mety hisy fizarana na renihevitra na hevi-dehibe roa na telo.

♣ NY TENY FAMPIDIRANA :

- Tari-dresaka miresaka ny foto-dresaka (FD) ;
- Lohahevitra ;
- Tsoa-kevitra ;
- Fanasongadinana ny olana fototra (miendrika fanontaniana) ;
- Fanolorana ny drafitra.

♣ **NY FAMELABELARANA :**

Mitovy amin'ny fanadihadiana lahatsoratra :

- **Arindra amin'ny fehezan-teny feno** ilay drafitra amin'ny antsipiriany.
- **Manolotra RH.**
- **Manazava znk.**
- **Manaporofo PK** (manohan-kevitra : ohabolana…).

♣ **NY TENY FAMARANANA :**

- Valiana mazava ny olana fototra ;
- Famintinana ny fizarana ;
- Fanolorana ny hevitry ny tena manokana ;
- Manao fanitarana kely (fampifandraisana ny FD amin'ny sehatra hafa).

♣ **Fanazavana :**

Fanazavana ireo teny manan-danja sy ny hevitra fonosin'ny lohahevitra.

♣ **Famahavahana :**

Fanehoana ny hevitra rehetra mikasika ny lohahevitra.

Fandalinana :

Fanasongadinana ny antony nilazan' ny mpanoratra/ mpandinika ary ny Ntaolo hilaza io hevitra io.